# ALAHADY 29 NOV 2020

Ao amin'ny **Romana 8**. Azo fintinina tahaka izao ry havana ny hafatra ho antsika, ho fampandinihan-tena : **MANAO AHOANA NY FINOANAO : FINOANA MIANDRANDRA VONINAHITRA VE ? FINOANA MIANDRANDRA VONINAHITRA VE ?** Izay ilay izy : **FINOANA MIANDRANDRA VONINAHITRA.**

Sambatra ianao raha manana an'izany finoana miandrandra voninahitra izany, araka ny amaritan'ny Apostoly Paoly azy ato amin'ny **Romana 8**.

Ny **<u>Fahamarinana 1</u>** dia izao ry havana : **FANTATRAO VE FA MISY VONINAHITRA MAVESATRA OMANIN'NY TOMPO HO ANAO ?**

Ilay texte ry havana somary sarotsarotra ; miala tsiny aho raha mampamerina anareo, amin'izay mipetraka ilay izy ; fa sao dia hoe vita ny « amena » dia efa notsoahin'ny devoly tao. Ny **<u>fahamarinana 1</u>** dia hoe : **FANTATRAO VE FA MISY VONINAHITRA MAVESATRA OMANIN'NY TOMPO HO ANAO ?** Teneno an'izany anie ilay voisin-nao e : **FANTATRAO VE FA MISY VONINAHITRA MAVESATRA OMANIN'NY TOMPO HO ANAO ?** Izay ry havana ô, izay.

Na eto an-tany aza ry havana, dia misy sehatra manokana isehoan'ny voninahitra. Tsy ilay voninahitra, resahina any an-danitra ; fa misy sehatra isehoan'izany voninahitra izany. Andeha atao hoe misy fitokanana ery an'anona ery : ny olona ambony, ny olona manam-pahefana no asaina amin'izany ; dia vory eo ny manam-boninahitra rehetra etc… Mi-organiser lanonana ny sasany ao amin'ny Carlton, dia iny soirée iny, iny sakafo iny dia tena hoe toeram-boninahitra. Fa izany voninahitra izany ry havana malala ao amin'ny Tompo, izany voninahitra ety an-tany izany, dia tena hoe matroka, tena hoe tsinontsinona raha oharina amin'ilay voninahitra mavesatra omanin'ny Tompo ho ahy sy ho anao. Tena matroka, tena tsinontsinona. Ary ny mampalahelo indrindra ry havana, indrindra ireo mitonon-tena ho mpino, hoe : « izaho tary

an’anona, izaho voaasa tary, izaho nanatrika an’izao », sahala amin’ny hoe hireharehana, hifampiderana voninahitra, hifampiderana harena, hifampiderana firazanana. Tsinontsinona izany ry havana ô. Ary ny olona mahafantatra fa misy voninahitra mavesatra omanin’ny Tompo ho azy, dia manao an’izany voninahitra ety an-tany izany ho tsinontsinona ry havana ô. Fa ny olona mahafantatra ry havana fa hoe misy voninahitra mavesatra, dia jerentsika anie ny **and.18** e : *« Fa ataoko fa ny fahoriana amin’ izao andro ankehitriny izao dia tsy tokony hoharina amin’ ny voninahitra izay haseho amintsika »*. **Fahoriana ry havana ô, Fahoriana no handovana sy hiomanana ho amin’izany voninahitra izany. Fahoriana sy fijaliana no hiomanana ho amin’izany voninahitra mavesatra izany.** Misy voninahitra mavesatra ao, ary fahoriana no hiomanana ho amin’izany.

Nisy artiste-peintre vazaha antsoina hoe Matisse, angamba tsy dia miteny amintsika ilay anarana ; fa mitovy lenta amin’izany hoe Picasso izany, izany hoe Matisse izany. Dia nisy fotoana izy tratran’ny cancer-ny colons. Dia tena nijaly fadiranovana, dia nitondry vy izay izy tato amin’ny lamosiny tato. Ary tsy afaka nijoro mihoatra ny adiny iray ; nefa izy nijoro tontolo andro. Dia hoy ny peintre namany : « fa ahoana lehity an, ahoana no aharetan’ialahy mijoro ohatran’izany ? ». Dia hoy izy : « ny fahoriana lesy mandalo an », ny fahoriana hoy izy mandalo, fa ilay voninahitra mavesatra dia maharitra. Izany ry havana ny olona mahafantatra fa misy voninahitra, ary voninahitra tsy maintsy ialohavana fahoriana. Fa ny antsika ry havana, ilay fahoriana ety an-tany ; ary eto amin’izao tontolo izao no ahitantsika fahoriana hoy Jesoa ; izany fahoriana izany, dia hiomanana, hiomanana ho amin’ilay voninahitra mavesatra.

<u>Fa inona moa izany voninahitra mavesatra mahatonga ny voninahitra rehetra ety an-tany izany ?</u> Jereo ange ny **and.19** e : *« Fa izao zavatra ary rehetra izao dia samy maniry fatratra ka miandry ny fampisehoana ireo zanak’*

*Andriamanitra »*. Izaho, ianao : samy zanak'Andriamanitra isika. Fa izao ry havana : mbola tsy tanteraka ny maha-zanak'Andriamanitra antsika ; izany hoe mbola tsy miseho tanteraka ny maha-zanak'Andriamanitra antsika ry havana. Fa rahatrizay tonga any an-danitra isika, izay vao hiseho izany voninahitry ny zanak'Andriamanitra izany. Tahaka ny hoe misy fivoriana ary an'anona ary, misy fivoriana ao amin'ny Carlton : misy fivoriana ao amin'ny fanjakan'ny lanitra, ao an-tranon'ny Raintsika ry havana ô, ary fivoriana ahitana an'izany voninahitra mavesatra izany, dia ny voninahitry ny tena zanak'Andriamanitra ry havana ô.

Izay ny **Fahamarinana 1**. Mampahatsiahy antsika ny Tompo, manontany antsika ny Tompo hoe : **FANTATRAO VE FA MISY VONINAHITRA MAVESATRA MIANDRY ANAO, HISEHO AMIN'NY FIVORIAN'NY TENA ZANAK'ANDRIAMANITRA AO AN-TRANON'NY RAINY, ARY HIOMANANA HO AMIN'IZANY DIA AMPANDALOVINY FAHORIANA IANAO? FANTATRAO VE FA MISY VONINAHITRA MAVESATRA MIANDRY ANAO.**

Ny **Fahamarinana 2** ry havana dia izao ; lasa ihany ilay saina, dia izay no mahatonga ilay fahamarinana ry havana, hoe : **FA NAHOANA E, NAHOANA NO MISY FAHORIANA, NAHOANA NO MISY FIJALIANA ?**

Haintsika tsara ilay tenin'i Jesoa hoe : eto amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana. Fa tsy maninona, azo atao tsara, tsy mi-blasphémer akory raha manontany hoe fa nahoana no misy fahoriana e ? Ary isaky ny misy fijaliana, misy fahoriana mitontona, azontsika atao tsara ny Tompo hoe : nahoana Tompo ô ; izay ilay **Fahamarinana 2** ; **nahoana, pourquoi la souffrance ? Pourquoi la souffrance ?**

Andeha ange iarahantsika mamaky ny **and.20-21** ry havana ô : *« fa izao zavatra ary rehetra izao dia nampanekena ho zava-poana, nefa tsy noho ny sitrapony, fa noho Izay nampanaiky azy, sady nahazo fanantenana koa fa izao zavatra ary rehetra izao aza dia hovotsorana amin' ny fahandevozana, dia ny fahalòvana, ho amin' ny fahafahana izay momba ny*

*voninahitr' ireo zanak' Andriamanitra »*. Hoy isika hoe : nahoana ny fahoriana ? Nahoana ny fahoriana ? Satria izao zavatra rehetra hitantsika izao, izao zavatra ary rehetra izao, ao anatin'izany ny natiora, ny biby, ny zava-manan'aina, ny olombelona, dia hoe : nampanekena ho zava-poana. Nampanekena ho zava-poana. Dia eo ambanin'ny fahandevozana, eo ambany lalàn'ny fahandevozana. Eo ambany lalàn'ny fahalovana. Izay ilay anton'ilay fijaliana sy fahoriana : satria izao zavatra rehetra izao nampaneken'Andriamanitra ho zava-poana.

Ahoana moa izany ? Rehefa miteny ny Apostoly Paoly eo amin'ny **and.22** hoe : *« Fa fantatsika fa izao zavatra ary rehetra izao dia miara-misento sy miara-marary toy izay efa hiteraka mandraka ankehitriny ».* Mitaraina ny natiora. Lamaody be ange izao ity écologie ity e ; fa écologie tsy manonona ny anaran'Andriamanitra na tsy manome toerana an'Andriamanitra : écologie tsy ho tonga lavitra izany ry havana ô. Inona no dikan'izany ? Satria noho ny nataon'i Adama sy Eva ry havana, **Genesisy 3 :17,** dia hoe : voaozona ny tany, nampanekena ho zava-poana. Izay ny dikan'ny hoe zava-poana. Voaozona io tany misy antsika io ry havana ô. Ary izany, rehefa mijery ny soratry ny mpandinika ianao, izany no mahatonga ny biby, na samy biby aza, mifamono ; satria vokatr'ilay ozona. Ary rehefa mamaky voalohany ianao dia taitra ; fa avy eo rehefa dinihinao dia hoe : na ny zava-maniry aza, ohatra hoe ny tsilo, dia mamono zava-maniry hafa. Izay ilay hoe nampaneken'Andriamanitra ho zava-poana, eo ambany lalàn'ny fahandevozana, sy ny fahalovana. Izay ilay izy. Izay no mahatonga ilay fahoriana ry havana. Ary na isika olombelona aza, na ny mino aza, araka ilay voalaza teo, na efa natsangana ho zanaka aza, dia mbola tsy miseho tanteraka ny maha-zanaka, ary tsy miseho, ka mbola hoe manana comportement feno herisetra, misy comportement feno habibiana ao amin'ny ankohonana ao, ao amin'ny tokantrano ao. Nahoana ? Satria nampaneken'Andriamanitra ho zava-poana izao zavatra ary rehetra izao, ka mbola eo ambany lalàn'ny fahandevozana. Na izaho na ianareo, samy mbola andevozin'ny fahazaran-dratsy

tahaka izao sy tahaka izao, eo ambany fahalovana : teraka, mitombo, miha-lehibe, miha-malazo, miha-antitra dia amty. Izay ilay lalàn'ny fahalovana ry havana ô. Izay ilay lalàn'ny fahalovana : miha-antitra ianao, miha-reraka ianao, miha-simba ny tarehinao ; fenoinao cosmétique iray taonina :an an an, eo ambany fahalovana ianao e. Eo ambany fahalovana ianao ry havana ô.

**Fa izao, araka ny tenin'i Paoly tery ambony tery : izany fahoriana izany eo am-pelatanan'Andriamanitra ; izany fahoriana rehetra izany : eo am-pelatanan'Andriamanitra. Ary ny fanontaniana, tsy hoe : fa maninona Andriamanitra ô ? Nahoana loatra Andriamanitra ô ? Tsy izay ilay fanontaniana. Ilay eritreritra marina, dia hoe : izany fahoriana izany dia tokony hampitodika ahy any amin'ilay voninahitra mavesatra tsy manam-paharoa.**

**Aza lany andro intsony ary manontanitany foana, mirifadrifatra foana, tezitezi-poana amin'Andriamanitra hoe : nahoana, tsy mila an'izany Andriamanitra izany. Non ! Io fahoriana io hoy Paoly, dia tsy azo oharina amin'ny voninahitra mavesatra izay efa omanin'ny Tompo ho ahy rahatrizay.**

Izay ny **<u>Fahamarinana 2</u>** hoe : **NAHOANA NY FAHORIANA ? NAHOANA NY FIJALIANA ? TSIA, TSY HOE NAHOANA NY FAHORIANA, NAHOANA NY FIJALIANA ? FA NORMAL BE IZANY ETO AMIN'ITY TANY IZAY NAMPANEKENA HO ZAVA-POANA ITY, ARY TOKONY AMPAHATSIARO AHY NY VONINAHITRA MAVESATRA IZANY. Teny ho anao anaty fahoriana manokana izany ry havana ô. Ary ho anao izay anaty fahafinaretana sy filibana : mieritrereta, mieritrereta fa sao dia ianao indray kosa efa an-dalana mivantana ho any amin'ny elo e.**

Rehefa niteny isika hoe : Fantatrao ve fa misy voninahitra mavesatra omanin'ny Tompo ho anao ? Iray izay. Faharoa, hoe : ny fahoriana tokony hampitodika anao, ampahatsiaro anao an'izany hoe voninahita mavesatra izany. Ny **<u>Fahamarinana 3</u>** ry havana ô, dia izao : **NY FANAHY MASINA NO NOMEN'ANDRIAMANITRA**

**ANTSIKA HANANANTSIKA FAHARETANA**

Ny Fanahy Masina nomen'Andriamanitra antsika hananantsika faharetana. Teneno kely an'izay ange ny voisin-nao.

Somary averiko, misy tsy miteny amin'ny voisin-ny : Ny Fanahy Masina nomen'Andriamanitra antsika hananantsika faharetana.

Hitanareo ny problemantsika kristiana, ny problemantsika krsitiana dia izao : fantatsika ihany hoe hay ve, eny e, na izaho aza, andao atao hoe na izaho aza voaasa any amin'ny toeram-boninahitra anankiray ety, reflexe izany hoe : tsinontsinona io, matroka io, mampahatsiaro an'ilay voninahitra mavesatra ary. Ok : tsara be izany. Hay, azoko, tsy tokony atao intsony izao hoe : nahoana ? Pourquoi la souffrance ? etc… fa hoe tokony hampahatsiaro ahy an'ilay voninahitra mandrakizay mavesatra iny. OK. Fa izao ry havana ô : ny ankamaroan'ny kristiana, mampalahelo satria tsy fantany ity Fahamarinana fahatelo izay milaza hoe : nomena antsika ny Fanahy Masina mba hananantsika faharetana anatin'izany fahoriana izany. Izay ny drame-tsika kristiana.

Nomen'Andriamanitra antsika ny Fanahy Masina mba hananantsika faharetana, hananantsika patience, hananantsika persévérance. **2 Korintiana 1 :22 :** *« Izay nanisy tombo-kase antsika koa ka nanome ny Fanahy ho santatra ato am-pontsika ».* Tamin'ny fotoana ninoanao dia nasian'Andriamanitra tombo-kase tamin'ny Fanahy Masina ianao. Tamin'ny fotoana nandraisanao an'i Jesoa ho Tompo sy Mpamonjinao, dia nasian'Andriamanitra tombo-kase tamin'ny Fanahy Masina ianao, ho santatra ato am-poko.

Andeha ange, miverina ato amin'i Paoly isika, ato amin'ny **and.23 ; 25** e : *« ary tsy izany ihany, fa isika koa, na dia manana ny voaloham-bokatry ny Fanahy aza, eny, isika aza dia misento ato anatintsika, miandry ny fananganan-anaka, dia ny fanavotana ny tenantsika. Fa raha isika manantena izay tsy mbola hitantsika, dia miandry amin' ny faharetana ».* Izay ilay notenenintsika hoe, ny fahamarinana 3 dia hoe :

nomen’Andriamanitra antsika ny Fanahy Masina ; nataony ato ampoko ry havana ô, mba hananako faharetana. Raha misy zavatra resahina matetika eto amin’ity pilopitra ity ry havana, dia ny fahoriana eto an-tany, hoe feno gedrigedry, feno fangirifiriana, feno ranomaso. **Fa ny olona mahatsiaro fa nomena ny Fanahy Masina izy ho santatra ato am-pony ry havana ô, eo anatrehan’izany fahoriana, eo anatrehan’izany gedrigedry, eo anatrehan’izany ranomaso izany : tsy mitolefika, tsy mamoy fo, tsy mihemotra. Izany no mahasarobidy ny Fanahy Masina ry havana ô.**

Rehefa miteny Paoly hoe : Andriamanitra rehefa nahita antsika nandray an’i Jesoa ho Tompo sy Mpamonjy, dia nanisy tombo-kase antsika tamin’ny Fanahy Masina ho santatra ao am-pontsika ; izany ange no atao hoe famonjena e. Ilay famonjena tsy hoe Jesoa nandatsaka ny ràny teo amin’ny hazo fijaliana fotsiny, tsy hoe ilay rà manasa ahy fotsiny no atao hoe famonjena. Fa io Fanahy Masina nanisiany tombo-kase ahy io, ka manavao ahy, mahatonga ahy ho olom-baovao, manapotika an’ilay Adama ela tao amiko tao.

Ary io Fanahy Masina io, lazaina hoe voaloham-bokatra na hoe santatra. Ny fahafantarako fa hoe santatra ny Fanahy Masina, dia hoe manome ahy antoka, manome ahy confiance fa tena misy tokoa, fa tsy hoe ato amin’ny Baiboly fotsiny ; fa tena misy tokoa izao voninahitra mavesatra omanin’ny Tompo ho ahy izao. Fa raha tsy misaina ny Fanahy Masina ianao, misaina ny Fanahy Masina hoe santatra nomen’ny Tompo anao : santatry ny inona ? Santatr’izany voninahitry ny zanak’Andriamanitra izany e : hitolefika ianao, e, hitolefika ianao e, na be herin-tsaina sy be herim-po tahaka ny inona ry havana ô. Ary ny olona izay mahafantatra hoe nomena azy ny Fanahy Masina ho voaloham-bokatra, nomena azy ny Fanahy Masina ho santatra, dia tsy mitsahatry ny mivavaka. Izay ilay fahamarinana 3, mivavaka hoe : « **Fanahy Masina ô, amindrao fo aho ; ataovy mahatamana anao ny foko. Dia ianao hanome ahy patience. Satria maninona no hanome ahy patience ? Ampibanjina ahy isan’andro isan’andro**

**ilay voninahitra mavesatra ». Ka na inona na inona fahoriana – rehefa mamaky gazety isika, misy zavatra tena maharikoriko ange hitantsika amin'izao fotoana izao e – fa n'inon'inona fahoriana, dia tsinontsinona izany eo anatrehan'ilay voninahitra mavesatra izay omanin'ny Tompo ho antsika. Mivavaha isan'andro hoe : « Fanahy Masina ô, amindrao fo aho, ary dia ataovy mahatamana anao ny foko e », dia hanana faharetana ianao.**

Anisan'ny empereur tena hoe cruel sy lian-drà izany empereur Néron izany. Fantatsika izany anarana izany ry havana. Izany no tena hoe nanenjika fatratra ary nanao persécution tena faran'izay nasiaka tamin'ny kristiana. Fa nisy zavatra anankiray ni-fasciner an'i Néron ry havana ô, nisy zavatra anankiray ni-fasciner an'i Néron, dia : rehefa mijery ny tarehin'ireo kristiana nohelohina ho faty, persécuter-ny, nohelohiny ho faty ary nampidiriny tamin'ny coliséum tao Roma, ilay coliséum io mantsy hoe famonoana kristiana, dia rehefa mijery ny tarehin'ilay kristiana sasany izy, na saika izy rehetra, hiatrika ny fahafatesana, inona no ni-fasciner an'i Néron ry havana ? Hitany ireo kristiana ireo mivavaka ; dia rehefa avy mivavaka ireo kristiana izay hiatrika famonoana ireo, dia mitraka ary mijery, mijery lavitra. Hitan'i Néron hoe mijery lavitra. Dia hoy Néron amin'ilay mpanampy azy eo akaiky eo: « ary ohatrany misy zavatra jereny any lavitra any an, ary miramiran'endrika izany izy izao ». « Eny tompoko, eny tompoko ry Mpanjaka ô, mijery lavitra izy ary mijery ny voninahitry ny fitsanganan'ny maty izay andalovan'ny tena zanak'Andriamanitra izy ». **Ny firariana ho antsika ry havana ô, enga anie rehefa mijery antsika izao tontolo izao, na miejry antsika aza ny kristiana, dia hahita an'izany tarehintsika miramirana, efa mitaratra sahady ilay voninahitra mavesatra, hahita ny masontsika toy ny mijery lavitra, satria mibanjina sahady izany fivoriam-ben'ny zanak'Andriamanitra ao an-tranon'ny Rainy izany, amin'ny fotoana hanendren'ny Raintsika an'izany.**

Ho aminareo ny fahasoavan’ny Tompo. Amena